

Grippe A (H1 N1)

Tany am-piandohana ny Giripan-kisoa, sokajina amin'ny anarana hoe « Grippe A (H1N1) » dia tsy nifindra afa-tsy tamin'ny kisoa samy kisoa ihany. Ny fifampikasohan'ny olona salama amin'ny kisoa marary na ny henan'ny kisoa marary no namindra ny tsimok'aretina tamin'ny olombelona. Taty aoriana, vokatry ny fifangaroana tamin'ny giripa mpahazo ny olona sy ny giripan-kisoa (*mutation*) dia afaka nifindra tamin'ny olona samy olona ny giripan-kisoa ka amin'ny alalan'ny pitidrorra, rehoka, lelo, sy ny tsiranoka rehetra avy amin'ny marary no mitahiry ny tsimok'aretina ary afaka mifindra sy mihanaka amin'ny alalan'ny rivotra..

Amin'ny ankapobeny dia tsy mahafaty ny giripan-kisoa. Tahaka ny giripa hafa rehetra dia mety misy tranga sasantsasany miankina amin'ny toebatan'ny tsirairay izay mitarika ny fihombon'ny aretina ka mety miafara amin'ny fahafatesana.

Ny fisehon'ny giripa kisoa dia mitovy amin'ny giripa tsotra ihany, izany hoe: **mafana hoditra, mikohaka, manakotsako ny vanitaolana, reraka sns...**, 5 andro taorian'ny fifaneraserana tamin'ny olona namindra ny aretina no miseho ireo soritra aretina ireo.

Ny fisorohana ho anao sy ny manodidina anao :



Tapenana ny vava rehefa mikohoka na mievina. Mosoara fanary no tokony hampiasaina.



Ario avy hatrany anaty dabapako ny mosoara avy nampiasaina.



Sasàna matetika amin'ny rano sy savony ny tanana. Indrindra raha avy nanisin- delo na nandray tanana olona.

Ataovy madio sy azon'ny masoandro ary ifamezivezen'ny rivotra mandrakariva ny trano fonenana,



Raha vao mahatsapa ny iray na maromaro amin'ireo soritr'aretina voalaza etsy ambony ianao dia manatona mpitsabo mba haka ny torohevitra sy fitsaboana sahaza ho anao.



Mba ho fiarovana amin'ny fiampitan'ny tsimoka aretina dia asio elanelena farafahakeliny 1metatra ny olon-droa mifanatrika. Indrindra raha voan'ny giripa ny iray.



Mba ho fiarovana ny hafa, raha voan'ny giripan-kisoa ianao, dia mijanona ao antrano rehefa avy nahazo ireo torohevitra sy fitsaboana avy amin'ny dokotera.

Atsahatra ny fifaneraseranao amin'ny olona maro (toeram-piasana, sekoly, tsena...)



Ny fifandraisan-tanana, ny fifanorohana sy fifamihinana amin'ny fifampiarahabana dia manamora ny fiampitan'ny tsimoka aretina sy ny fifindran'ny aretina.



Mba hisakanana ny fidiran'ny tsimoka aretina, dia manasà tanana amin'ny rano sy savony mialoha ny hikasika maso, orona ary vava ianao.